NY FANABEAZANA MOMBA NY TONTOLO IAINANANA NOTONTOSAIN'NY Blue Ventures Tao Andavadoaka, Madagasikara: Mandrafitra Fanampiana ho an'ny Mponina sy Fahaizana miaro ny Tontolo Iainana

52 Avenue Road, London N6 5DR
research@blueventures.org

Tel: **+44 (0) 20 8341 9819**
Fax: **+44 (0) 20 8341 4821**

NY FANABEAZANA MOMBA NY TONTOLO IAINANANA NOTONTOSAIN'NY Blue Ventures tao Andavadoaka, Madagasikara: Mandrafitra Fanampiana ho an'ny Mponina sy Fahaizana Miaro ny Tontolo Iainana

© Blue Ventures 2008

Ny zon'ny mpamorona raketin'ity tatitra ity, miaraka amin'ny lahatsoratra rehetra, ny tahirin-kevitra sy ny sary, dia mijanona ho fananan'ny Blue Ventures tanteraka raha tsy misy fanamarihana hafa ankoatra izany.

Sasinteny

Ny taona 2003 no nanombohan'ny Fikambanana Blue Ventures niara-niasa tamin'ireo tànana amoron-dranomasina any Andavadoaka, tanàna any amin'ny faritra atsimo andrefan'ny Madagasikara. Miompana amin'ny drafitra fampiroboroboana ny asa fiarovana ny tontolo iainana ary mikendry ny fikajiana ny harena voajanahary, izay miantoka tanteraka ny fahaveloman'ny mponina.

Ireo fandaharanasan'ny Blue Ventures any amin'iny faritra iny dia nivelatra amin'ny fiaraha-miasa akaiky amin'ny mponina eny an-toerana, nanome lanja ny fahalalana nentim-paharazana sy ireo filàn'ny fiaraha-monina sy ny toe-karena izay nampidirina tamin'ny fitantanana ny asa fiarovana. Ny tantsoroka toy izao dia zava-dehibe tokoa ho amin'ny fiantohana ny fanampiana ny mponina izay ilainy ho amin'ny fahombiazana ny fanatanterahana ny asa fiarovana.

Ny fanabeazana momba ny tontolo iainana, ny fiofanana eo amin'ny lafiny ara-tsiantifika ary ny fanatevenana ny fahalalana koa dia fitaovana fototra ampiasain'ny Blue Ventures mba hanamafisana ny fanampiany ny mponina sy ny tantsoroka ataony. Nandritry izay efa-taona (4) niasany izay, ny Blue Ventures dia nanomboka fandaharanasa momba ny fanabeazana maro tao amin'ny faritra Andavadoaka izay tsy nikendry fotsiny ny fahafantaran'ny mponina ny olana mikasika ny asa fiarovana, fa nentiny koa nanatevenana ny fahalalan'ny mponina eo an-toerana araka ny zavatra ilain'ireto farany mba nahafahany niantoka ny fitantanana maharitra ny harena voajanahary any aminy sy nahafahany niaro izany.

Raha nanatontosa ny fandaharanasany ny Blue Ventures izay nifototra tamin'ny fanabeazana momba ny tontolo iainana any amin'ireny tanàna amoron-dranomasina any amin'ny faritra atsimo andrefan'ny Madagasikara ireny, dia nanatsoaka lesona tamin'izany. Ny fahaizana noratovina dia niparitaka sy nahahenika faritra maro manerana ny Nosy hatrany any amin'ny faritra andrefan'ny Ranomasina Indiana, nanampy ny fampitomboan' ny fahatsapan-tenan'ny olona sy ny fahombiazana eo amin'ny sehatra nasionaly sy rezionaly - izany no tontosa dia noho ny fivoahan'ny mpiana-draharaha any an-toerana sy ny manam-pahaizana momba ny tontolo iainana ary ny mpiasa niara-niasa tamin'ny fikambanana miankina sy tsy miankina maro.

Ny fandaharanasan'ny Blue Ventures momba ny fanabeazana momba ny Tontolo Iainana dia nahenika ny mpiray ombon'antoka rehetra sy ny mpisitraka ny harena any amin'ny faritra amoron-dranomasina any Andavadoaka, toy ny mpanjono any an-toerana, ny filohan'ny fokontany, ny ray aman-dreny ao an-tanàna, ny mpianatra, ny orinasa mpanangom-bokatra ary ny fikambanam-behivavy. Ny fampitan'ny Blue Ventures fahalàlana sy fahaiza-manao eny ifotony, no nentiny nanampy ny fampitomboana ny fahaizan'ny Madakasikara eo amin'ny sehatra nasionaly miaro ny toeram-ponenana amoron-tsiraka sy an-dranomasina, izay tsy manam-paharoa nefa tandindomin-doza. Ny Blue Ventures dia nizara tamin'ireo fikambanana Malagasy maro sy ny fikambanana ara-panjakana ny tahiri-kevitra nangoniny, ny fahazara-manao sy ny lesona notsoahiny mba hampitomboana ny fahombiazan'ny asa fiarovana manerana ny firenena.

Ity tatitra ity dia mamelabelatra ireo fandaharanasa maro mikasika ny fanabeazana sy ny fanatevenana ny fahalalana sy ny fahaiza-manao izay nampiharin'ny Blue Ventures mba entina hanatanterahana ny fanampiany ny mponina, mahafantatra ny fahaiza-manao takian'ny fanatsarana ny fiarovana ny harena voajanahary any an-toerana, eo amin'ny sehatra rezionaly ary manerana ny Madagasikara.
Ny fanazavana fanampiny sy ny antsipirian'ny asa fanabeazana, ny asa fikarohana ary ireo fanatevenana fahalalana voizin'ny Blue Ventures dia hita ao amin'ny tranokalam-pifandraisana **www.blueventures.org.**

Fanoroan-takila

Sasinteny ..... **i**
Fanoroan-takila ..... **ii**
Filana hevitra amin'ny mponina sy ny fandraisany anjara **1**
Fanarahamaso ifarimbonana ny Ekolozia **3**
Alo Alo, Fikambanana momba ny Tontolo iainana ho an'ny ankizy **4**
Fiofanana momba ny Fanatevenam-pahalalana sy fahaizana ho an'ny Fikambanam-behivavy **5**
Fanofanana ho an'ny mpitari-dian'ny zahavoary **6**
Ny fandaharanasan'ny Blue Ventures mikasika ny vatsim-pianarana momba ny tontolo iainana **7**
Fiofanana Misitrika an-Drano **8**
Fizarana vaovao **9**
Ny Varavarana misokatra nokarakarain'ny Blue Ventures sy ny takelaka filazam-baovao **9**
Vatsim-pianarana ho an'ny Mpianatra ao amin'ny sekoly fanabeazana fototra sy sekoly ambaratonga faharoa fototra **10**
Fampianarana Fiteny Angilisy **11**
Fanabeazana momba ny fandrindrana ny fiainam-pianakaviana **11**
Fizarana ny Fatana mandeha amin'ny fandoro mahomby **12**
Fehiny **14**

Filana hevitra amin'ny mponina sy ny fandraisany anjara

Tamin'ny taona 2004 no niarahan'ny Blue Ventures niasa tamin'ireo filohan'ny tanàna tao Andavadoaka namorona ny toeram-piarovan'ny orita (NTZ) voalohany teto Madagasikara. Ny Tetikasa, izay manidy isan-tonontaona ny fanjonoana, dia mampitombo ny faharetan'ny orita, sady manome tombontsoa koa ny mpanjono any an-toerana amin'ny fampitomboana ny haben'ny orita sy ny isany any amin'ny faritra.

Ny fitomboan'ny orita - no fidiram-bola voalohany azo avy amin'ny fanjonoana, indrindra any amin'ny faritra – izay vokatry ny fisian'ny toeram-piarovana ao Andavadoaka dia nandrisika ny tanàna manodidina hitady fanampiana mba hahafahany nanangana tetikasa toy izany ho an'ny mponina ao aminy.

Ny atrikasa niarahana tamin'ny mponina dia anisan'ny fanitarana ny toeram-piarovana voalohany ary neverina ho fitaovana manan-danja tokoa azo ampiasain'ny Blue Ventures hatrany rehefa mampiely ny asa fiarovana sy manao fanentanana any amin'ny tanàna hafa eny amin'ny faritra izy.

Taloha sy taorian'ny nametrahana ny toeram-piarovana tao Andavadoaka, ny Blue Ventures dia nanatontosa fihaonana matetika sy ara-potoana tamin'ireo mpitondra any an-toerana sy ireo mpanjono mba nentiny nanangonana vaovao momba an'ireo asa-fanjonoana nentim-paharazana, ny toeram-panjonoana be trondro indrindra, sy ny fotoana maha-betsaka ny fanjonoana ary vaovao maro momba ny asa fanjonoana sy ny tahiri-kevitra momba ny fiaraha-monina sy ny toe-karena. Ireo tahiri-kevitra ireo dia nentin'ny Blue Ventures namolavolana paikady azo ampiharina tsara amin'ilay toeram-piarovana sy azon'ny mponina tontosaina tsara.

Ireo atrikasa ireo koa dia nampahafantatra ny mponina fahaizana amam-pahalalana amin'ny alalàn'ny famolavolana ny drafitra fiarovana, ny loza mitatao amin'ny asa fanjonoana, ny vatohara ary ny toeram-piarovana isan-tsokajiny misy any amin'ny faritra, ny zavatra takian'ny asa fiarovana ary ny fomba hampandehanana sy hanaraha-maso ny toeram-piarovana ary ny vokatra andrasana.

Taorian'ny fisokafana voalohany indrindra ny toeram-piarovana, ny Blue Ventures dia nanohy ny fakan-kevitra sy ny atrikasa niaraka tamin ny mponin' Andavadoaka mba nahafahany nifanakalo-hevitra mikasika ny tombontsoa sy ny lafiratsin'ny tetikasa, nentina nanitsy ny paikady araka izay mety. Izany no natao dia ny mba hampitombo hatrany ny fanampiana omena ny mponina sy hampiakarana ny fahombiazan'ny asa fiarovana.

Ny Blue Ventures dia nanofana sy nanakarama vehivavy tao Andavadoaka mba hanara-maso ny haza ataon'ny mpanjono tao an-toerana. Ny fandaharanasa dia namokatra tahiri-kevitra mafonja ho an'ny manampahaizana momba ny tontolo iainana, ary nampitombo koa ny fahatsapan'ny mponina ny ilàna ny asa fiarovana ny tontolo iainana.

Ny Blue Ventures dia nandray anjara koa tamin'ny atrikasa nasionaly tao Toliara taorian'ny fisokafan'ny toeram-piarovana tao Andavadoaka. Ny atrikasa nokarakarain'ny fanjakana izay fihaonana voalohany momba ny fitantanana ny jono momba ny biby mandia an-doha teto Madagasikara, dia nisintona ny vokatry ny tetikasa tao Andavadoaka mba nentina hanatontosana ny fanidiana ny asa fanjonoana isan-tonontaona eran'ny firenena ary nikendry ny hanaporofoana ny faharetan'ny orita sy ny asa fanjonoana.

Ankoatra ny fampivelarana ny toeram-piarovana, dia notontosaina ny fanarahamaso ny fanjonoana sy ny toeram-ponenana an-dranomasina tao Andavadoaka nandritry ny fotoana maharitra mba nahafahana namaritra ny fomba hanangonana ny fiantraikan'ny fanjonoana sy ny asa hafa eo amin'ny tontolo iainana an-dranomasina. Ny Blue Ventures dia nanakarama sy nanofana ny mponina -indrindra ny vehivavy- hanara-maso ny haza azon'ny mponina. Novatsiana fitaovana famantarana ireo mpanara-maso voahofana, izay manao fanadihadiana isan-tapa-bolana momba ny haza rehetra azo ao an-tanàna. Amin'izany dia raketina an-tsoratra ny isan'ny haza, ny lanjany, ny habeny ary ny karazany.

Notsikeraina ireo antonta-kevitra entina hamaritana ny fiovana misy eo amin'ny trondro, izay trandrahan'ny manam-pahaizana avy eo mba nahafahana nanatevina ny drafitra momba ny fiarovana. Ny Fandaharana fanarahamaso dia namatsy antonta-kevitra goavana ho an'ny manampahaizana momba ny tontolo iainana. Ny mponina koa dia nahazo fahalalalana momba ny fiovana eo amin'ny trondro sy eo amin'ny zavatra takian'ny drafitra fiarovana ny tontolo iainana.

Mponina avy ao amin'ny tanàna efatra ambiroapolo no nandray anjara tamin'ny atrikasa maro nisesy mba hamantarana ny toeram-ponenana amoron-dranomasina izay tiany arovana, mamaritra ny sisin'ny tambazotran'ny Velondriake amin'ny toerana arovana.

Ny fahombiazan'ny tetikasa tao Andavadoaka dia nanosika ny Blue Ventures hiara-hiasa amin'ny tanàna 25 hafa any amin'ny faritra, eo amin'ny fananganana tambazotran'ny toeram-piarovana an-dranomasina sy amorontsiraka mirefy hatramin'ny 800 km^2. Ny tambazotra izay nomen'ny mponina anarana hoe "Velondriake" izay midika hoe "Mivelona amin'ny Ranomasina" dia miaro ny teoram-ponenana tandindomin-doza, anisan'izany ny vatohara, ny ala-honko, ny ahidrano ary ny ala baobaba. Niaraka tamin'ny fananganana ny Velondriaka no nanapariahan'ny Blue Ventures ny fandaharanasany momba ny fanabeazana, izay mahahenika tanàna 25 ao anatin'ny tambazotra.

Volana maro taty aorian'ny fananganana ny tambazotran'ny Velondriake, ny Blue Ventures dia nikarakara fihaonana sy atrikasa maro tao Andavadoaka, nahatratra hatramin'ny roambinifolo sy tany amin'ny tanàna manodidina, atrikasa nifanakalozan- kevitra ahitana izay zavatra ilain'ny tetikasa eo amin'ny asa fiarovana, ary koa mba hahazoana ny hevitry ny mponina mbmba izay toeram-ponenana tiany ho arovana.

Ny Blue Ventures dia nanome tambinkarama an'ireo olona avy amin'ny tanàna manodidina nohon'ny fotoanany lany nandehany hatrany Andavadoaka hamonjy ny atrikasa. Satria koa takian'ilay atrikasa ny fandraisana anjaran'ny solontenan'ny mponina, izay voatery namela fotoana naharitra ny asa fanjonoany.

Herinandro maro taorian'ny fivoriana, dia nasaina nataon'ireo mponina ny sarintanin'ny faritra misy azy, ary nasaina nofaritany tamin'ny loko mena ireo toerana izay eritreretiny fa tokony ho arovàna. Nampiasain'ireo manampahaizana momba ny tontolo iainana ireo sarintany ireo, nampian'ny antontan-kevitra momba ny ekolozia, izay nangonina avy tamin'ny fanadihadiana, izany no nentina namaritana ny sisin'ny Velondriake sy ny faritra tian-ko arovana.

Ny Blue Ventures dia nanohy nikarakara atrikasa isam-bolana tao Andavadoaka, nanome saran-dàlana an'ireo mponina izay avy amin'ny toerana lavitra hamonjy ny fivoriana. Nandritry ny atrikasa, dia nampahafantarina an'ireo mponina ireo ny loza izay tsy nitsaha-nitombo manambana an'ireo toeram-ponenana eny an-toerana,

mba tsy hiparitahan'ny ny fanjonoana mihoampampana mpanimba, ny fandrosoana ratsy tantana ary ny asan-tanan'olombelona any amin'ireo tanàna amoron-dranomasina hafa.

Ny Blue Ventures dia niara-niasa tamin'ireo filohan'ny tanàna tamin'ny fananganana komity sy zana-komity any amin'ny faritra mba hanara-maso ny Velondriake sy ireo asa fiarovana hafa. Ny mpikambana ao amin'ny komity dia nahazo fiofanana nitohy momba ny paikady sy ny fanarahamaso enti-miaro ny tontolo iainana amin'ny alalàn'ny atrikasa sy ny fandraisana anjara tamin'ireo asa fikarohana eny an-tsaha ary ny drafitra fiarovana, niara-miasa tamin'ireo manampahaizana momba ny tontolo iainana.

Ity fiofanana ity dia anisan'ny drafitra norafetina anatin'ny fotoana lava ho entin'ny Blue Ventures hiampita any amin'ny fanamorana ny asa momba ny Velondriaka, hiala amin'ny fanantontosana ny asa an-davanandro sy ny fanaraha-maso izay ho tanterahan'ny mponina eny an-toerana.

Ankoatra ny drafitrasa fiarovana sy ny fanarahamaso, ny Blue Ventures dia nanofana ny mponina mba hampitombo asa fihariana maharitra izay afaka manolo ny fomba fanjonoana mpanimba ny tontolo iaianana. Any am-boalohany dia atao ao Andavadoaka ary hitarina tsikelikey amin'ny tanàna manodidina ao anatin'ny tambazotran'ny Velondriake. Ny Blue Ventures dia manofana ny mponina mba ho mpitaridia amin'ny fizahana voary (jereo ny andininy momba ny Fiofanana ho an'ny Mpitaridia amin'ny zahavoary etsy ambany) ary koa mba hitantana tsara ny tetikasa momba ny fiompiana an-dranomasina (jereo ny andininy momba ny Fiofanana ny Fikambanam-behivavy).

Fanarahamaso ifarimbonana ny Ekolozia

Mba hahafahana miantoka ny fandraisana anjaran'ny mponina sy ny fanampiany ny Velondriake, ny Blue Ventures dia niezaka nanofana ny mponina eo an-toerana amin'ny fanarahamaso ifarimbonana ny ekolozia.

Avy amin'ny alalàn'ny atrikasa, ny solontenan'ny komitim-pitantana ny Velondriake dia nomena fiofanana mba hahaizany hanara-maso ny tondro fototra momba ny tontolo iainana sy ny fiaraha-monina ao anatin'ireo toeram-ponenana samihafa ao anatin'ny tambazotran'ny toeram-piarovana, ka notsindriana manokana tamin'izany ireo tondro izay neverina fa manan-danja eo imason'ny mponina any an-toerana. Ohatra amin'izany, ny isan'ny trondo lehibe azon'ny mpanjono eo an-tanàna, ny isan'ny zanga voaangona, ny isan'ny harato mana-maso madinika ananan'ny mpanjono ary ny isan'ny hazo honko mianjera any amin'ny ala honko.

Rehefa voahofana amin'ny fanangonana ireo tahiri-kevitra ireo ny mponina, dia afaka manara-maso ny toeram-ponenana sy ny fiaraha-monina ao anatin'ny Velondriaka izy ary afaka mizara ny vokatra amin'ireo manam-pahaizana momba ny tontolo iainana. Ireo vokatra dia ho trandrahana miaraka amin'ireo antontan-kevitra momba ny fanarahamaso mitohy sahanin'ny Blue Ventures mba ho entina hitsikerana, hanampiana ary hanitsiana ny paikady momba ny asa fiarovana.

Ny fanarahamaso ifarimbonana dia tsy manangona antontan-kevitra ara-tsiantifika ihany, izay takian'ny drafitra fiarovana; satria izy ity dia mikendry ny hanangona tondro izay mazava sy manan-danja amin'ny mponina eny an-toerana, izay mampiseho ireo fiantraikany mivantana eo amin'ny olona, ary novokarin'ny tetikasa fiarovana.

Ambonin'izany, ny fanarahamaso ifarimbonana ity dia mampibaribary fa an'ny mponina ny tetikasa ary izany firotsahan'ny mponina izany dia miantoka ny fahombiazan'ny asa fiarovana.

Ankehitriny ny Blue Ventures dia miara-miasa amin'ny Sampandraharaha ny toeram-piarovana nasionaly, ny ANGAP, amin'ny fikarakarana ny atrikasa ao anatin'ny Velondriake mba entina hananganana fandaharanasa hafa.

Alo Alo, Fikambanana momba ny Tontolo iainana ho an'ny ankizy

Ny Fikambanana Alo Alo ("barracuda" dia natsangan'ny Blue Venture mba hampianaran'ny ankizy ao Andavadoaka momba ny toeram-ponenana misy any an-toerana sy ny karazan-javamananaina. Ny tanjon'ny Fikambanana Alo Alo dia ny hamolavola ny taranaka vaovao izay misaina sy mitandrina ny fiarovana ny tontolo iainana, omban'ireo fahaizana takian'izany mba hahafahany manatsara ny fiainany sy ny an'ireo mponina avy amin'ny alàlan'ny fikajiana maharitra ny harena voajanahary any an-toerana.

Ny Blue Ventures dia nampiasa sy nanofana olona roa avy ao Andavadoaka mba hitantana ny Fikambanana Alo Alo, mihaona amin'ireo ankizy isaky ny alahady ka mampianatra azy zavatra maro mifandray amin'ny tontolo iainana, toy ny tsingerin-kodin'ny fiaianan'ny karazan-javamananaina any an-toerana, ny fiantraikan'ny fomba fanjonoana mandoza eo amin'ny biby an-dranomasina ary ny fifandraisan'ny firaisan'ny tontolo iainana toy ny ala honko sy ny vatohara.

Ny Blue Ventures no nanangana ny fikambanana Alo Alo mba hampianarana ny ankizy ao Andavadoaka izay mikasika ny tontolo iainana an-dranomasina, ny loza mitatao izay atrehiny ary ny fomba fiarovana izany.

Ny fampianarana dia atao amin'ny alalàn'ny hira, ny kilalao, ny fitsangantsanganana, ny fisitrihana ary ny hetsika maro. Izany dia mitarika ny ankizy hianatra. Ireto misy santionan'ny hetsika ataon'ny Alo Alo:

- Fifaninanana manadio ny torapasika amorom-dranomasina:
  Hampianarina ny ankizy fa manimba ny firaisan'ny tontolo iainana an-dranomasina sy ny karazam-biby ny fako. Ny mpiasa an-tsitrapo no nanampy ny ankizy ka nizara azy ireo ho tarika maromaro ary nitily izay tarika nanangona fako betsaka indrindra teo amin'ny tora-pasika. Nangonina teo amin'ny toerana iray ny fako ka samy nanambara an'izay fako hitany ny ankizy ary nifanakalo hevitra momba ny fomba entina hisorohana ny fako amin'ny manaraka.

- Fisitrihana: Nomen'ny Blue Ventures fitaovana fisitrihana ny ankizy ary nandeha nanao fampiharana teny amin'ny toerana marivo. Izany no natao dia ny mba nahampahafantarana azy ireny ny karazam-piainana misy any amin'ny fanambaniny ny ranomasina sy ireo karazan-trondro mivelona eny amin'ny vatohara, ny ahidrano ary ny ala honko. Nampianarina ny ankizy ihany koa ny namantatra ny karazana misy sy ny loza mitatao amin'ny fahasalaman'ny toeram-ponenana tsirairay.

- Kilalao momba ny tontolo iainana
  Ny mpiasan'ny Blue Ventures dia niara-niasa tamin'ny Fikambanana Alo Alo tamin'ny fanoratana sy famokarana seho isan-karazany maneho hafatra momba ny ekolozia. Vao haingana ny ankizy no nanoratra sy namokatra hira milaza ny tombontsoa azo avy amin'ny toeram-piarovana an-dranomasina sy mampita fa ny fandringanana ny ala honko dia mampihena ny trondro mivelona eny amin'ny vatohara. Ny seho sy ny hira rehetra dia lalaovina eo anatrehan'ny tanàna rehetra hatrany amin'ny tanàna ao anatin'ny Velondriake; izany no atao dia mba hanaitra ny sain'ny olona hahatsapa- tena hiaro ny tontolo iainana.

Ny fikambanaa dia mananan ny trano fivoriany izay noravahan'ny Blue Ventures sy ny ankizy tamin'ny sarin'ny karazana biby an-dranomasina marevaka tokoa. Ny Fikambanana ao amin'ny Alo Alo dia manana Filoha, Filoha lefitra, mpitam-bola ary mpitan-tsoratra izay nofidin'ny mpikambana tsirairay. Nozarina izy rehetra ho tia mandray an-draikitra sy ho liana ary eritreritra ny asa atao sy ny vola hiditra ho an'ny fikambanana.

Nahenika ny manodidina ny lazan'ny Fikambanana ka nangataka koa ireo tanàna hafa mba hanangana sahanasa toy izany ho an'ny ankizy any aminy. Ankehitriny ny Blue Ventures dia mandrafitra karazan-desona sy fitaovana miompana amin'ny taranja fanabeazana izay ho zaraina any an-tsekoly sy any amin'ireo tanàna, hanome mpampianatra hampiofana amin'ny zava-misy ilaina eny an-toerana mba hampahafantatra ny ankizy ny siansa sy ny fahatsapan-tena.

Ny hetsika sy ny fitaovana rehetra ampiasain'ny Fikambanana Alo Alo dia nomen'ny mpiasa an-tsitrapoao amin'ny Blue Ventures, ny mpiasa ary ny mpanohana hafa.

Fiofanana momba ny Fanatevenam-pahalalana sy fahaizana ho an'ny Fikambanam-behivavy

Ny vehivavy ao anatin'ny Velondriake dia tsy mba afaka nandray tombontsoa avy amin'ny vola ampidirin'ny fanjonoana toy ny lehilahy nohon'ny fomba nentim-paharazana. Ny vehivavy dia manangona ny orita eny amin'ny rano marivo fa tsy mba afaka manjono azy ireny eny amin'ny rano lalina miaraka amin'ny lakana ary tsy mba afaka mandray anjara akory amin'ny fanjonoana trondro misy vombony.
Ny Blue Ventures dia nanangana Fikambanam-behivavy ara-panjakana ao amin'ny tanànan'Andavadoaka sy Lamboara ary mampianatra azy fahaiza-manao vaovao mba hahafahany manana fidiram-bola maharitra ka tsy iankinany loha amin'ireo lehilahy.

Ny Blue Ventures dia nampiasa sy nanofana ny venivavy hanara-maso ny karazam-biby an-dranomasina azon'ny mpanjono eny an-toerana. Isaky ny dimy ambinifolo andro, ny vehivavy ao Andavadoaka, Lamboara ary Andranomboala dia karamain'ny Blue Ventures hanao fanadihadiana momba ny trondro miakatra ao an-tanàna, mandray an-tsoratra ny isany, ny lanjany ary ny karazany. Ireo antontan-kevitra ireo dia tsikerain'ny Blue Ventures mba hamantarana ny fiovana eo amin'ny trondro sy ny asa fanjonoana eny an-toerana ary manome toro-hevitra amin'ny drafitra momba ny asa fiarovana.

Ny fandaharanasa fanaraha-maso dia manome ny vehivavy fidiram-bola maharitra, ary koa mampitombo ny fahafantarany ny fiovana eo amin'ny fahasalaman'ny harena an-dranomasina sy ny filàna ny drafitrasa fiarovana.

Ny Fikambanam-behivavy dia nomena fiofanana mba hiompy zanga. Misy orinasa eny an-toerana nanaiky hividy ny zanga haondrana any ivelany, ny tombontsoa rehetra azo dia miditra any amin'ireo vehivavy.

Ny Blue Ventures dia nanakarama vehivavy hanara-maso ny tetikasa momba ny fiompiana zanga misy any amin'ny tanàna telo ao antin'ny tambazotran'ny Velondriake. Ny zanga dia entana tena lafo vidy tokoa, haondrana any amin'ny tsena aziatika atao sakafo sy fanafody.

Saingy nohon'ny maha entana lafo vidy azy, ny fitrandrahana ny zanga dia nihoa-pefy tany amin'ny faritra. Dolara an-tapitrisany maro no voasinton'ny tsenan'ny zanga any Azia. Nisy fotoana nahitana ny zanga teny amin'ny toerana marivo manamorona ny ranomasin'ny Madagasikara, fa ankehitriny dia sarotra ny mahita azy ireny ary ny mpanjono aza dia mampiasa fitaovana fisitrihana efa lany andro hitadiavana azy ireny any amin'ny toerana lalina. Ny fisitrihana dia mety manimba ny faharetan'ny zanga fa tena mampidi-doza tokoa izy ireny ary efa nitarika fahafatesanan'olona maro. Voararan'ny lalàna eo amin'ny sehatra nasionaly sy eo an-toerana ny fisitrihana atao anangonana zanga, nefa dia mbola misy manao ihany izany satria hahazoam-bola.
Ny Blue Ventures dia nanomboka ny tetikasa momba ny fiompiana zanga mba hahafahana miaro ny karazana zanga dia ary mba hanan'ny mponina any an-toerana fidiram-bola maharitra.

Ny zangakely antsoina hoe "*Holothuria scabra*" no vatsian'ny Aqua Lab/IHSM, laboratoara momba ny fikarohana an-dranomasina any Toliara, ka taterina amin'ny vala misy rano marivo apetraka amin'ny toerana akaikin'Andavadoaka, Ambolimoke ary Belavenoke. Any ireto zanga no arahan'ny vehivavy maso, tohanan'ny mpikaroka ao amin'ny Blue Ventures. Rehefa vita rafitra ny vala, dia omena fiofanana ny vehivavy hanara-maso ny fitombony ny zanga, mandanja azy ireny ary mijery ny fahasalamany isa-tapa-bolana.

Na dia tao anatin'ny taom-panandramana aza ny tetikasa dia efa misy fiaraha-miasa nosoniavina teo amin'ny Blue Ventures, AquaLab/IHSM ary ny orinasa mpanjono iraisam-pirenena, Copefrito, ity farany no nanome ny famatsiana ara-bola voalohany ny tetikasa ary miantoka ny fividianana ny janga rehefa azo amidy izy ireny.

Ny tombontsoa azo avy amin'izany tetikasa izany dia mirotsaka manontolo any amin'ny mponina, ho fidiram-bola maharitra ho azy ireny.

Ankoatra izany, ny Fikambanam-behivavy dia nanomboka namokatra asa-tanàna, toy ny amboradara, ny asa sokitra, ny fanaovana akanjo ary ny fandriana harato izay hamidiny amin'ny mpizahantany sy ireo mpiasa an-tsitrapo maro ao amin'ny Blue Ventures, izay tsy mitsaha-mifanolosolo eny amin'ny toeram-pikarohana ara-tsiantifika akaikin'Andavadoaka.

Ny vehivavy koa dia mikarama mampianatra mahandro sakafo an'ireo mpiasan'ny Blue Ventures sy ny mpiasa an-tsitrapo, mba hahazoany vola fanampiny.

Fanofanana ho an'ny mpitari-dian'ny zahavoary

Ny zahavoary dia anisan'ny sehatra miroborobo tokoa aty Madagasikara. Heverina fa farafaharatsiny ny antsasakin'ny mpizahatany tonga eto Madagasikara isan-taona dia mizaha ny toerana misy ny vatohara. Ny fahavitsian'ny tranombahiny ao anatin'ny faritry ny Velondriake dia midika fa mponina vitsikely koa no ampiasainy, noho izany ny tombontsoa azon'ny mponina avy amin'izany dia vitsy na tsy misy mihitsy aza.

Ny Blue Ventures dia nanofana mponina mihoatran'ny roambinifolo avy ao Andavadoaka mba ko lasa mpitaridia ny zahavoary. Ny Blue Ventures dia nanangana koa trano "ecolodge" ao an-tanàna izay fananan'ny mponina ary tantaniny tanteraka.

Ny Blue Ventures dia miezaka ny hampiroborobo ny zahavoary ao Andavadoaka mba hanome asa maharitra sy fidiram-bola mahasolo ny fitrandrahana mihoampampana ny harena voajanahary. Ny zahavoary dia hitondra fandrisihana ara-bola ho an'ny mponina, hitondra fahasalamana ho azy ireny sy hanintona ny mpitsidika. Anisan'ny ezaka natao, ny fanofanan'ny Blue Ventures olona mihoatran'ny roambinifolo avy ao Andavadoaka mba ho lasa mpitaridia momba ny zahavoary.
Ny fiofanana dia naharitra roa volana, nisy ny fianarana an-dakilasy, ny fampiharana eny an-tsaha ary ny tsilalao. Ny mpiofana dia nentina nitsidika ny toera-falehan'ny mpitsidika, anisan'izany ny ala-honko, ny vatohara fisaka, ny ala baobaba ary ny torapasika amoron-drano, nampianarina izy ireo hitondra lakana hatrany amin'ny nosikely manodidina sy mitarika amin'ireo toeram-pitsangantsangana hafa.

Ny taranjam-pianarana dia nikasika ny filaminana sy ny fiarovana ny vondron'ny mpitsidika, ny fitantarana samihafa, ny fahafantarana ny kolotsaina, ny tantaran'ny toerana ary ny haitontoloiainam-paritra momba ny sandan'ny zavamaniry mahasitrana eny an-toerana. Ny mpiofana dia nianatra ihany koa ny voambolana frantsay fototra (izay fiteny ampiasain'ny mpizahatany any Madagasikara), tsindriana amin'izany ny voambolana momba ny zavamaniry sy ny biby ary ireo fehezanteny ilain'ny mpitaridia mba hahazoany mifandray amin'ireo mpizahantany.

Fanampin'ny fianarana isan-kerinandro, dia nisy ihany koa fotoana indroa isan-kerinandro natokana hanampiana ny mpiofana hampihatra ny voambolana sy ny fahaiza-manao hafa, toy ny firesahan'olondroa izay mety ifanaovan'ny mpitadridia sy ny mpizahantany. Takiana ny fanatrehan'ny mpianatra ny fianarana, tsy fahatongavana indray mandeha ihany no nekena, izany dia ny mba nanamafisana ny fahamatihanin'ny mpitaridia, ny fitsipi-pifehezana ary ny fahamarinam-potoana rehefa hiara-miasa amin'ny mpizahantany izy ireny.

Tany am-pamaranana ny fiofanana, ny mpianatra dia nandalo fitsapam-pahaizana izay niompana tamin'ny fitarihana ny mpiasan'ny Blue Ventures amin'ny lakana nankany amin'ireo nosikely manodidina na nitsangantsangana any anaty ala izay akaiky. Ireo mpiadina afaka amin'ny fitsapa-pahaizana dia mahazo ny diplaoma manamarina fa nahavita ny fianarana rehetra ilaina amin'izany asa izany izy ary afaka mitarika ireo mpizahavoary mandalo ao Andavadoaka.

Ny Blue Ventures dia niezaka nanorina "ecolodge" ao Andavadoaka izay mijanona ho fananan'ny mponina ary tantanany manontolo. Ny angovo rehetra ampiasaina ao an-trano dia avy amin'ny rivotra madio sy ny masoandro. Hisy ny toeram-pisitrihana, ny efitrano fianarana natokana ho an'ny mpitsidika, ny toeram-ponenana any an-toerana sy ny karazana. Ny tombontsoa azo avy amin'ny fampiasana ny trano dia ho an'ny mponina, ho lasa loharanom-bola maharitra ho azy ireny ary ho fandrisihana ara-bola mba hahafahany mikajy ny harena voajanahary, salama sy manintona ny mpizahantany.

Ny fandaharanasan'ny Blue Ventures mikasika ny vatsim-pianarana momba ny tontolo iainana

Ny Blue Ventures dia mitantanana fandaharanasa momba ny vatsim-pianarana izay mikendry ny hampitomboana ny fahaizan'ny Madagasikara hahafahany mitantana ny faritra amoron-dranomasina eo amin'ny sehatra nasionaly. Ny fandaharanasa dia nanohana mpianatra avy amin'ny ambaratonga ambony roambinifolo na efa manana ny diplaoman'ny lisansa isan-taona, izay nianatra tany amin'ny foibem-pikarohan'ny Blue Ventures ao Andavadoaka.

Ny mpianatra voaray tao amin'ny fandaharanasa dia nomena ny saran-dàlana mandroso sy miverina Toliara-Andavadoaka, nomena trano sy sakafo nandritra ny iray volana sy tapany, nahazo fiofanana momba ny fisitrihana an-drano amin'ny akanjo fisitrihana ary ny fahamarinana ho amin'ny PADI, fahaizana rano avo lenta ary fiofanana amin'ny fikarohana an-dranomasina sy momba ny jono, ny famantarana ny karazana ary ny fananganana drafitra momba ny fikajiana ny tontolo iainana.



Isan-taona, ny Blue Ventures dia manome vatsim-pianarana ho an'ny mpianatra Malagasy12 avy amin'ny ambaratonga ambony Ny mpianatra dia ampianarina misitrika an-dranomasna miaraka amin'ny akanjo fisitrihana, manao fikarohana an-dranomasina ary mandranto fahaizana momba ny fikajiana ny tontolo iainana.

Ny mpianatra dia niara-nipetraka sy niara-miasa tamin'ny mpikaroka Malagasy sy iraisam-pirenena ary ireo manam-pahaizana momba ny fikajiana ny tontolo iainanana, miasa amin'ny tetikasa Velondriake. Araka izany ny mpianatra dia nomena voalohany indrindra ny fahazara-manao momba ny olana sy ireo hery manimba ny fitantanana ao anatin'ny Velondriake sy ny faritra atsimo andrefana.

Ny mpianatra dia voaray avy amin'ny alàlan'ny filazana sy ny tambazotran'ny fikambanana misahana ny tontolo iainana, ny fikambanana ara-panjakana ary ny Toeram-pampianarana samihafa toy ny Oniversiten'ny Toliara, ny Ivotoerana momba ny Jono sy ny Siansa an-dRanomasina (IHSM). Ny fanomezana vatsim-pianarana no fandaharanasa voalohany tsy manam-paharoa eto Madagasikara ary natao mba hanomezana ny mpianatra sy ny tanora mpiaro ny tontolo iainana eran'ny firenena fahazara-manao avy amin'ny alalàn'ny tetikasa tantanan'ny mponina amin'ny fiarovana ny tontolo an-dranomasina.

Ny ankabeazan'ny fanadihadiana natao dia miompana amin'ny karazana biby miaina ambonin'ny tany, noho izany ny vatsim-pianarana omen'ny Blue Ventures dia zava-dehibe ary ilaina amin'ny maha-fitaovana fanabeazana azy. Izany dia manampy amin'ny fahaizan'ny Madagasikara mampiofana ny mpikajy ny tontolo iainana hahay hiaro ny harena an-dranomasina. Ireo mpianatra nahazo ny vatsim-pianarana dia efa miasa eo amin'ny vondrom-pikambanana nasionaly na iraisam-pirenena mirotsaka amin'ny asa fiarovana.

Fiofanana Misitrika an-Drano

Ny mponina Andavadoaka sy ny tanàna manodidina dia mandany ora maro tokoa mivezivezy na manjono amin'ny lakana eny ambony ranomasina, ny fisitrihana an-dranomasina na mampiasa na tsia ny fitaovana mety amin'izany (SCUBA) dia tena vitsy tokoa eran'ny Madagasikara. Ny mpisitrika mpikaroka voahofana dia tena ilaina ao anatin'ny Velondriake – ary ho an'ny tetikasa fiarovana hafa- mba hahafahany mahafantatra ny toetry ny vatohara any amin'ny faritra.

Nandritry ny taona maro, ny Blue Ventures dia nampiofana mponina eny amin'ny faritra mihoatra ny roambinifolo ka voamarina fa mpisitrika an-drano tena mahay – anisan'izany ny filohan'ny komitim-pitantana ny Velondriake teo aloha. Ankehitriny ny Blue Ventures dia miezaka manome fiofanana ny mpikambana sasany ao amin'ny Komitin'ny Velondriake mba hiantohana ny fananany fahaizana ilainy amin'ny fiarovana ny harena voajanahary any aminy.

Ny Blue Ventures dia nanofana olona roa ihany koa ho mpanao an-tsitrika tena kalaza ka voamarina ho manana fahaizana rano avo lenta (PADI), fahaizana asa aman-draharaha voaporofo eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena.

Ny mpanao an-tsitrika eny an-toerana dia miara miasa amin'ny manam-pahaizana momba ny ekolozia an-dranomasina ao amin'ny Blue Ventures, manampy manara-maso ny vondron'ny mpanao an-tsitrika an-tsitrapo ary manatontosa ny fanaraha-maso ny vatohara. Ny mpanao an-tsitrika eny an-toerana dia tena mitana toerana fototra tokoa amin'ny asa fiarovana sy fikaroaha ao amin'ny Blue Ventures ary manampy koa mampita ny hetsika ataon'ny Blue Ventures amin'ny

mpiara-monina ary mandrisika ny hafa hirotsaka amin'ny fiarovana ny harena an-dranomasina.

Fizarana vaovao

Ny Blue Ventures dia miara-miasa akaiky amin'ny fanjakana sy ny Ivoteram-pampianarana maro eto Madagasikara, mizara amin'izy ireo antontan-kevitra, fitaovana ary ireo lesona voatsoaka tamin'ny fahazara-manao mba ho ezaka hanatevenana ny fahaizana ho an'ny fiarovana ny harena an-dranomasina. Matetika ny Blue Ventures no mandray ny mpianatra manana mari-pahaizana ambony avy amin'ny Ivotoerana momba ny Jono sy ny Siansa an-dRanomasina (IHSM), manaiky ny hiasany any amin'ireo toeram-pikarohan'ny Blue Ventures mba hahafahany mamita ny sehokaroka ataony. Matetika dia lasa karamain'ny Blue Ventures ireny mpianatra ireny amin'ny maha manam-pahaizana momba ny fiarovana ny tontolo iainana azy ao anatin'ny fandaharanasa fikarohana ao amin'ny faritra Velondriake.

Ny Fikambanana nasionaly momba ny toeram-piarovana (ANGAP) sy ny IHSM da mampiasa koa ny toeram-piarovana Velondriake ho toeram-piofanana ho an'ny mpianatra amin'ny fitantanana morontsiraka.

Mba hanapariahana ny fanampiana fototra, ny Fikambanana momba ny fiarovana ny tontolo iainana WWF sy Effedoctor dia miara-miasa amin'ny Blue Ventures amin'ny fikarakarana ' fifanakalozana eo amin'ny samy tànana" izany hoe mpanjono maro avy any atsimon'ny faritra Velondriake no hitsidika ny asa atao ao anatin'ny Velondriake mba hizarana fahazara-manao amin'ny komitim-pitantana ny tetikasa.
Ity sahanasa fifanakalozana ity dia mikendry ny hahafantaran'ny mponina eny amin'ny faritra ny paikady miompana amin'ny mponina mba hiaro ny harena an-dranomasina sy manatsara ny asa fanjonoana eny an-toerana.

Etsy andaniny, ny mpikaroka ao amin'ny Blue Ventures dia mamelabelatra matetika ny vokatry ny tetikasa sy manao tatitra mandritry ny atrikasa momba ny ekolozia eto Madagasikara sy any ivelany.

Miaraka amin'ny fahalalana ny fiarovana nentim-paharazana momba ny siansa, ny Blue Ventures dia miezaka ny hanitatra ny fahaizan'ny Madagasikara amin'ny fitrandrahana ny fikarohana momba ny fiaraha-monina aman-toe-karena mba hanohanana ny asa fiarovana manerana ny firenena. Ny CORDIO, izay fikambanana kenyana izay manohana ny asa fikarohana sy ny ezaka fiarovana manodidina ny Oseana Indiana, dia nikarakara atrikasa fiofanana ho an'ny fanarahamason'ny fiaraha-monina aman-toe-karena tao anatin'ny faritra Velondriake. Ny mpandrindra ny fikarohana momba ny fiaraha-monina aman- toe-karena ao amin'ny Blue Ventures, Gildas Andriamalala dia nahazo fiofanana avy tamin'ny CORDIO tany Seychelles, izay eritreretiny ampiasaina mba hanohanana ny asa fiarovana ny tontolo an-dranomasina eto Madagasikara.

Ny asan'ny Blue Ventures dia nampiasain'ny tetikasam-piarovana koa ho maodely. Taorian'ny fametrahana ny toeram-piarovana notantanan'ny mponina tao Andavadoaka tamin'ny taona 2005. Ny Blue Ventures dia nandray anjara tamin'ny atrikasa nasionaly tao Toliara, izay nikendry ny fizarana vaovao momba ny fanjonoana orita. Ny fanjakana no nitarika ny atrikasa, izany dia fihaonana voalohany nokarakaraina teto Madagasikara momba ny fanjonoana ny biby mandia an-doha (orita sy Kalamara). Nisintona ny vokatry ny tetikasa tao Andavadoaka mba hanatontosana ny fanidiana ny asa fanjonoana isan-tonontaona eran'ny firenena ary nikendry ny hanaporofoana ny faharetan'ny orita sy ny asa fanjonoana.

Ny Varavarana misokatra nokarakarain'ny Blue Ventures sy ny takelaka filazam-baovao

Mba hahafahan'ny mponina eny an-toerana mahafantatra ara-potoana ny vaovao momba ny asa fiarovana, sy hahafahana miantoka ny fifaneraseran'ny mpiasa sy ny mponina, ny Blue Ventures dia mikarakara "varavarana misokatra" ao amin'ny Foibem-pikarohana ao Andavadoaka in-telo ka hatramin'ny in-efatra isan-taona.

Nametraka takelaka filazam-baovao teo ampovoan-tanàn'Andavadoaka ny Blue Ventures, hametrahana ny vaovao momba ny hetsika momba ny fanabeazana, ny resaka momba ny tontolo iainana ary ny vaovao farany.

Nandritra ireny hetsika ireny, ny mponina rehetra tao Andavadoaka dia nasaina hitsidika ny foibem-pikarohan'ny Blue Ventures – izay eo amin'ny 500 metatra mivoaka ny tanàna – mba hihaona amin'ny manam-pahaizana momba ny fiarovana ny tontolo iainana sy mpiasa an-tsitrapo, hihaino ny famelabelarana momba ny asa fiarovana sy siantifika tontosain'ny Blue ventures, hitsidika ny tranon'ny Blue Ventures ary hahafantatra ny asa an-davanandro atao eo amin'ilay toerana.

Fametrahana sary lehibe, fampisehoana ary atrikasa no manamora ny fahafantarana ny fotorry ny asa fiarovana, ary ny mponina dia afaka nitsidika ireo trano heva mba hahafantarany lalindalina tokoa ny loha-hevitra iray, ny tsingerin-kodin'ny fiainana, ny **crustacé/mollusque** na ny karazana harandriaka. Ny fifaninana mitondra lakana, ny kilalao amin'ny tora-pasika amoron-dranomasina ary ny fampisehoana amin'ny fampiasana akanjo fisitrihana dia hetsika mandrisika ny fandraisana anjaran'ny mponina ary manamafy ny fifandraisana eo amin'ity farany sy ny manampahaizana miasa ao amin'ny Blue Ventures.

Ny Blue Ventures dia niara-niasa tamin'ny filohan'ny tanàna amin'ny fametrahana takelam-baovao teo ampovoan-tànan'Andavadoaka, izay milaza vaovao maro toy ny hetsika farany momba ny tontolo iainana mikasika ny tanàna. Ny filazana vaovao dia apetaka eo amin'ny fafàna; mampandre ny mponina amin'izay asa farany notontonsain'ny Blue Ventures.

Vatsim-pianarana ho an'ny Mpianatra ao amin'ny sekoly fanabeazana fototra sy sekoly ambaratonga faharoa fototra

Tamin'ny taona 1960 vao nisy ny fampianarana voalohany ara-dalàna tao Andavadoaka. Amin'izao fotoana izao ny Misiona katolika izay niorina tao tamin'ny taona 1960 dia mitantana sekoly fanabeazana fototra sy ambaratonga voalohany tsy miankina sy andoavana saram-pianarana. Misy koa sekolim-panjakana izay maimaimpoana.
Tena voafetra tokoa ny fitaovana ao amin'ny sekolim-panjakana ary betsaka ny fianakaviana izay mandefa ny zanany mianatra any amin'ny Sekolin'ny Misiona Katolika. Satria koa tsy misy sekoly ambaratonga faharoa fototra mihitsy any amin'iny faritra iny, ny fianakaviana any Andavadoaka sy ny manodidina izay maniry ny handefa ny zanany handranto fianarana ambony dia voatery mandoa saram-pianarana amin'ireny sekoly tsy miankina ireny.

Ny Blue Ventures dia manome fanohanana ara-bola ny ankizy isan-taona mba hahafahany mianatra amin'ny sekolin'ny Misona katolika. Hatramin'izay nanomezan'ny Blue Ventures vatsim-pianarana izay, nanomboka tamin'ny taona 2006 dia mitombo isan-taona ny ankizy iantsorohana. Mitotaly eo amin'ny ankizy 104 eo avy ao Andavadoaka sy ny tanàna folo manodidina no miankina amin'izany vatsim-pianarana izany. Ny Misiona no mifidy ny zaza omena ny vatsim-pianarana ka arakaraka ny lany amin'ny taom-pianarana no sandan'ny vola omena.

Ny vatsim-pianarana dia fanomezana avy amin'ny mpiasan'ny Blue Ventures, ny mpiasa an-tsitrapo ary ny mpanohana hafa. Ny vola azo dia handoavana saram-pianarana, ividianana penina, taratasy, boky, ary fitaovana hafa momba ny fanabeazana. Ny sakafon'ny mpianatra aza dia tafiditra ao anatin'izany vatsim-

pianarana izany, ho an'ireo ankizy avy lavitra mianatra ao Andavadoaka. Misy ampahan'ny fanomezana koa omena ny Fikambanana Alo Alo.

Ny Blue Ventures dia resy lahatra fa ny fanabeazana dia fotory ny fanatsarana ny fiainan'ny mponina eny an-toerana ary manamora ny fanatevenana ny fahatsiarovan-tena mikasika ny tontolo iainana.

Fampianarana Fiteny Angilisy

Fiteny frantsay no teny ampiasaina amin'ny fianarana ao Andavadoaka. Mba hamenoana ny lesona isan'andro, dia mampianatra lesona amin'ny fiteny anglisy isan-kerinandro ny Blue Ventures.

Ny mpilatsaka an-tsitrapo avy amin'ny firenena hafa izay miara-miasa amin'ny Blue Ventures eny an-toerana dia mampianatra ny ankizy 15 ka hatramin'ny 17 taona indray mandeha isan-kerinandro. Hira sy kilalao no entina mampita ny lesona amin'ny ankizy madinika. Ny ankizy lehibe dia mahazo lesona sahaza azy ka miompana amin'ny fampiharana, ny fahaiza-miteny, ny fampiasana ny voambolana sy ny fitsipi-panoratana.

Ny fifanakalozana taratasy eo amin'ireo mpianatra ao Andavadoaka sy California no ahafahan'ny ankizy mampihatra ny fahaizana miteny ary mianatra momba ny kolotsaina hafa.

Mpilatsaka an-tsitrapo iray niasa tao amin'ny Blue Ventures izay nampianatra tany Etazonia no namorona ny fifanakalozana taratasy eo amin'ireo ankizy any California sy ny mpianatra ao Andavadoaka tamin'ny taona 2006.

Am-bolana maromaro eo, ny mpianatra avy any California no manoratra momba ny fiainany any an-toerana, mitantara ny momba azy, ny namany, ny tranony ary ny tontolo iainana manodidina azy. Toerana amoron-dranomasina moa no misy ilay sekoly any California, hany ny ankizy ka mitantara matetika ny momba ny fiainana an-dranomasina sy ny toeram-ponenana manodidina azy.

Ny Blue Ventures no miantoka ny fahatongavan'ny taratasy ao Andavadoaka, izay ampiasaina ho toy ny fitaovam-panabeazana, hanampiana ny ankizy mianatra voambolana anglisy vaovao. Ny mpiasa an-tsitrapo no manampy ny ankizy mamaky ny taratasy sy mamaly azy ireny amin'ny fiteny anglisy ho an'ireo mpianatra any California. Ny Blue Ventures ihany no miandraikitra ny fandefasana azy ireny any amin'ilay sekoly amerikana.

Ity sahanasa momba ny fifanakalozana taratasy ity dia kilalao sy fomba iray mahafinaritra hianaran'ny ankizy ny fiteny anglisy, fa mampianatra azy koa ny fasamihafan'ny kolotsaina, ny firenena ary ny toeram-ponenana maro.

Fanabeazana momba ny fandrindrana ny fiainam-pianakaviana

Tamin'ny volana aogositra 2007 no nanokafan'ny Blue Ventures ny toeram-pitsaboana mikasika ny fandrindrana ny fiainam-pianakaviana voalohany, manome ny fanabeazana momba ny fahasalaman'ny taovam-pananahana sy ny fandrindram-piterahan'ny mponina.

Ilay toeram-pitsaboana izay tantanana araka ny maodely anglisy, dia mameno ny asan'ny fanjakana Malagasy amin'ny famerana ny fitombon'ny mponina eto Madagasikara- heverina ho dingana iray lehibe amin'ny ady amin'ny fahantrana izany- Ny

salan'isan'ny zaza eo amin'ny-fianakaviana iray dia 5,4 tamin'ny 2005. Araka izany taham-pitomboan'ny mponina izany dia heverina fa hitombo roa avo heny izy ireo ao anatin'ny roapolo taona. Hisy fiantraikany lehibe izany eo amin'ny lafiny sosialy, ara-toe-karena; ary eo amin'ny tontolo iainana. Ny reny eto Madagasikara dia hiatrika fahafatesana sy faharatrana: Vehivavy iray ao anatin'ny 200 dia maty eo am-piterahana.

Ny fikarohana momba ny fiaraha-monina izay notontosaina dia nanambara ny filàna ny fandrindram-piainan'ny fianakaviana sy fanabeazana momba ny fahasalaman'ny taovam-pananahana. Betsaka ireo ankizivavy tanora no mitondra vohoka alohan'ny fahamaotiany, ary vitsy ireo vehivavy no mahafantatra ny fomba fanabeazan'aizana, ny toeram-pitsaboana dia mampianatra koa ny mponina hiaro ny tenany sy ny olona miaraka aminy amin'ny aretina azo avy amin'ny firaisan'ny lahy sy ny vavy.

Betsaka ny aretin'ny taovam-pananahana toy ny tety sy ny angatra any amin'ny faritra, izay maro no tsy voatsabo. Ny olona voan'ny SIDA dia mitombo hatrany eran'ny Madagasikara, anisan'izany ny tanàn'ny Toliara, izay any atsimon'Andavadoaka.

Vehivavy dimampolo no tonga nanatrika ny fanabeazana tamin'ny fisokafan'ny toeram-pitsaboana, izay namelabelatra sy nanao fampisehoana ireo karazanasa fitsaboana sahaniny ka mahaliana ny mponina. Ny Blue Ventures dia mikasa ny hanaparitaka ny karazam-pitsaboana ataony ary mikasa ny hametraka sampan-draharaha maro any amin'ny tànana maro ao anatin'ny Velondriake.

Miara miasa amin'ny Ivotoerana maro any Angletera amin'ny fitadiavana mpianatra dokotera hiasa any Andavadoaka ary tafiditra ao anatin'ny fandaharanasa fampidirana mpianatra mpiasa. Hanampy amin'ny asa fandrindram-piterahana izy ireo ary hametraka ny sampan-draharaha any amin'ny faritra avaratra sy atsimon'Andavadoaka mba hahafahan'ny mponina manatona toeram-pitsaboana.

Amin'ny alalàn'ny asa fitsaboana sy fikarakarana ny fahasalaman'ny mponina no hahafahan'ny Blue Ventures manampy ny mponina handray an-tanàna ny fahasalamany sy ny fandrindram-piainan'ny fianakaviany, mba hahafahany ny mponina any amoron-dranomasina hampandroso ny fiainany amin'ny fomba maharitra. Amin'izay dia mihena ny tsindry eo amin'ny harena voajanahary ary afaka miaro ny firaisan'ny tontolo iainana ny mponina, izay miankina amin'ny harena voajanahary.

Fizarana ny Fatana mandeha amin'ny fandoro mahomby

Ny tetikasan'ny Blue Ventures momba ny takalo karbona (BVCO) dia tohanan'ny mpiasa an-tsitrapo ao amin'ny Blue Ventures amin'ny alalàn'ny fanakalozana ny saran-dàlany mankaty Madagasikara amin'ny fiaramanidina– mizara fatana mandeha amin'ny herin'ny masoandro sy fandoro mahomby amin'ireo tanàna ao anatin'ny tambazotran'ny Velondriake.
Ny fatana dia manampy amin'ny fihenan'ny entona, sady mitondra tombotsoa ihany koa ho amin'ny mponina eo amin'ny tontolo iainany, ny fahasalamany ary ny toe-karenany.

Ny fomba fahandron'ny mponina taloha dia miankina tanteraka amin'ny kitay sy ny arina. Izany fomba fahandro izany dia tsy mahomby mihitsy, ary ny habetsaky ny kitay ilaina amin'izany dia mitarika ny fanimbana ny ala manerana ny faritra.

Ambonin'izany, ny setroky ny afo dia mitarika aretina ho an'ny taovam-pisefoana, ny afo ihany koa dia mety mitera-doza amin'ny firehetany mety ho tsy voafehy.

Ny fatana mandeha amin'ny herin'ny masoandro sy ny fandoro dia zarain'ny BVCO mba hisorohana ireo olana maro samihafa ireo, fandoro kely fotsiny na tsy misy akory aza no mampandeha ny fatana, ny tokantrano dia tsy mila manokana vola ividianana fandoro intsony. Ny Blue Ventures dia manofana olona ao anatin'ny Velondriake hanamboatra ny fatana sy hikarakara azy ireny aty aoriana.

Mba hanampiana ny mponina hahafantatra tsara ny fatana sy handrisika azy hampiasa izany, ny mpiasan'ny BVCO dia mitety tanàna mampiseho ny fomba fandrahoana ny sakafo amin'ny fatana ary mamelabelatra ny tombontsoa azo avy amin'ny fatana eo amin'ny lafiny ara-bola, ny fahasalamana sy eo amin'ny tontolo iainana.

Manatrika ny fampisehoana ny fomba fandrahoana sakafo amin'ny fatana mandeha amin'ny herin'ny masoandro ny mponin. Ny fatana mandeha amin'ny ehrin'ny masoandro sy ny fandoro zarain'ny Blue Ventures dia ahazoana tombontsoa maro eo amin'ny lafiny tontolo iainana, fahasalamana ary ara-toe-karena.

Fehiny

Ny fandaharanasa maro momba ny fanabeazana sy ny fanatevenam-pahalalana sy fahaizana no fototry ny asan'ny Blue Ventures ao anatin'ny Velondriake, izay ahafahan'ny mponina mahatratra tanteraka ny tanjona amin'ny fampivoarana ny fitantanana ny harena voajanahary maharitra sy mahomby.

Any amin'ny firaisan'ny tontolo iainana tandidomin-doza toy an'ny Velondriake, ny fahaveloman'ny mponina dia miankina tanteraka amin'ny harena voajanahary, ary ny manam-pahaizana momba ny tontolo iainana dia tsy maintsy mahazo ny fanohanana sy ny fandraisan'anjaran'ny mpiray ombon'antoka rehetra alohan'ny ahazoana manolotra asa fitantanana. Raha vao tsy misy ny fiaraha-miasa sy ny fifankalozan-kevitra dia tsy afaka miroso amin'ny fanohanana paikady momba ny fiarovana ny tontolo iainana mihitsy ny mponina, ary ny tsy fahampian'ny serasera eo amin'ireo olona izaran-asa dia mandemy ny fahamarinan'ny ezaka amin'ny fiarovana ny tontolo iainana voavolavola.

Any amin'ny tany an-dalam-pandrosoana indrindra, ny mponina mahantra dia tsy mba manan-tsafidy loatra amin'ny asa fivelomana ary voatery mitrandraka ny harena voajanahary misy mba ho velona. Ireny mponina ireny dia tsy maintsy mahita mivantana ny tombontsoa vao afaka miroso amin'ny asa fiarovana ny tontolo iainana.
Ny fanabeazana momba ny tontolo iainana sy ny fanatevenam-pahaizana no ahafahan'ny mponina mandray anjara mivantana amin'ny fandrafetana ny paikadin'ny asa fiarovana ary manampy manatevina ny fanohanana amin'ny fanatanterahana ny asa. Ao anatin'ny Velondriake, izany fandaharanasa izany dia manampy ny manam-pahaizana momba ny tontolo iainana amin'ny fanomezana torohevitra mikasika ny fampiasana ny fomba nentim-paharazana, ny fiovana eo amin'ny tantara ary ny harena voajanahary.

Amin'ny alalàn'ny fanabeazana momba ny tontolo iainana sy ny fiofanana ary ny fanatevenam-pahalalana sy fahaizana no nahafahan'ny Blue Ventures nanakaiky ny tanjona farany ka nahazoany nihoatra ny tetikasa Velondriake ka nahafahan'ny mponina mintantana ny harena voajanahary misy any aminy, tsy iankinany amin'ny fanamoran'ny fikambanana tsy miankina hafa.

Ity tatitra ity dia mamelabelatra ny fandaharanasa fanabeazana amin'ny ambangovangony notontosain'ny Blue Ventures, natomboka taona vitsy lasa izay, azo alai-tahaka ary azo ampiharina amin'ny asa izay mikendry ny tanjona mitovy amin'izany